Raha maty ny olona iray, dia tapaka ny asany afa-tsy telo : ny fanomezana mitohy maharitra, ny fahalalana mahasoa, na ny zaza hendry izay mivavaka ho azy

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Raha maty ny olona iray, dia tapaka ny asany afa-tsy telo : ny fanomezana mitohy maharitra, ny fahalalana mahasoa, na ny zaza hendry izay mivavaka ho azy."
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa mitsahatra amin’ny fahafatesany ny asan’ny maty, ka tsy hahazo soa intsony izy aorian’ny fahafatesany raha tsy amin’ireto zavatra telo ireto: Satria izy no anton'izany : Ny voalohany : fanomezana izay mitohy sy maharitra ny valisoany, tsy misy fahatapahana, toy ny fanolorana masina, ny fananganana moske, ny fihadiana lavadrano, sns. Ny faharoa : Fahalalana mahasoa ny olona, toy ny fanangonana bokim-pahalalana, na fampianarana ny olona iray, ary avy eo dia mampiely izany fahalalana izany ilay olona aorian’ny fahafatesany. Fahatelo : Ny zaza mpino mendrika mivavaka ho an’ny ray aman-dreniny.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/65566